


ALAHADY FAHA 20 MANDAVANTAONA - B



“TENA FIHINANA NY NOFOKO, TENA FISOTRO NY RAKO»”.

Ry Kristianina havana, tamin’ny 15 aogositra isika nankalaza amin’ny fomba manetriketrika ny nampiakarana an’i Masina Maria tany an-danitra vokatry ny fanavotana nataon’i Jesoa, miombona voninahitra amin’i Jesoa zanany i Masina Maria amin’izao. Izy no misantatra an’izany rehetra izany ary isika koa raha miombona tanteraka amin’i Jesoa dia ho tafita any amin’ny toerana misy an’i Masina Maria. Sambatra isika manana azy olona iray rà amintsika tafita

Vakiteny I : Ohab. 9, 1-6
Tononkira : Salamo 33
Vakiteny II : Efez. 5, 1 5-20
Evanjely : Jo. 6, 51-59

Amin’izao Alahady faha-20 tsotra mandavantaona izao dia manohy ny fampianarany i Jesoa ary momba ny mofon’aina ny voalaza amin’ny Evanjely androany Joany toko faha-6. Nisy fimonomononana sy fanafintohinana teo amin’ny jody raha nilaza izany i Jesoa. Nilaza tokoa I Jesoa fa mofo velona avy any an-danitra Izy. Tsy mahagaga raha nimonomonona ny vahoaka jody nandre ny tenin’i Jesoa

ary toy izany koa isika raha tamin’ny toeran’izy ireo satria fantatr’izy ireo tsara ny fiavian’i Jesoa sy ny fianakaviany. Io indrindra ny fidirana amin’ny misterin’ny fahatongavana ho nofo sy ny misterin’ny fanavotana izay ankalazaintsika tanteraka amin’ny Eokaristia, izany no banjinintsika eo amin’ny Eokaristia, i Jesoa teraka tonga nofo eo anivontsika. Ny Eokaristia no mampisantatra antsika amin’ny fiainan-koavy sy mampiditra antsika amin’ny misterin’ny fanavotana. Mitaky finoana izany

ary tsy mason'izao tontolo izao velively no afahantsika mijery ~~hijerena~~ ny eokaristia fa masom-pinoana. Raha tena te ho taranaka mpanorina isika ho EOY sy ho ETA ary izany no vokatry ny Eokaristia sy antenaintsika dia tsy maintsy manana masom-pinoana isika fa tsy mason'izao tontolo izao izany hoe mitoetra ao amin'i Jesoa sy itoerany ka amin'izay afaka mamokatra be isika. Izany no tian'i Jesoa averimberina raha milaza izy "izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako hanana ny fiainana mandrakizay", IZANY NO FARATAMPONY AMIN'NY FAMOKARANA- Satria feno tanteraka ny mahaolona ary feno tanteraka ny hasambarana

Naniry ny te-hamokatra ilay tovolahy iray raha nanatona an'I Jesoa nanontany "inona ny ataoko hahazoako ny fiainana mandrakizay ?", Amidio ny fananao rehetra hoy Jesoa taminy izany hoe mialà amin'ny mason'izao tontolo izao fa miakara ambonimbony kokoa amin'ny fiainana ny finoana dia ny firaketana sy fiombonana tanteraka amin'Andriamanitra tahaka ny *exhortation* nosoratan'i papa Ray masina raha maniraka antsika ho olonamasina, natao ho masina isika tahaka an'i Masina Maria miombona amin'i Jesoa isika, izany no tanteraka ao amin'ny Eokaristia ka maniraka antsika hanana fiainana masina ka zary Génération Mpanorina sy Mpamokatra.

Izany no fampianarana lehibe antintraterin'i Jesoa amintsika ka ilazany fa tena fihinana ny nofoko ary tena fisotra ny rako ka nanafintohina an'ireo jody. Fantantsika fa ny rà dia manambara aina, ny nofo dia vatana izany hoe, ny tenan'I Jesoa manontolo.

Misy ny manontany hoe maninona ary rehefa mandray kominio dia ny mofo ihany no hanina ? aoka ho fantantsika fa rehefa mandray ny vatan'i Kristy isika dia sady mandray ny nofony no mandray ny ràny izany hoe miombona tanteraka Aminy. Ny dikany hoe kominio dia fiombonana mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona eo amin'ny manodidina. Izany no mahatonga an'i Jesoa milaza rehefa nanorina ny Eokaristia izy hoe "ataovy izao ho fahatsiarovana aho". Mampirisika antsika tsy hoe hankalaza fotsiny ny fanoloran-tenan'i Jesoa fa hahatonga antsika ihany koa hahafoy tena ho an'ny hafa, izany ny dikan'ny teny ataon'ny pretra rehefa mamarana ny lamesa " hitantana ny diantsika anie i Kristy" dia ilay Kristy ao amintsika mitarika antsika hitondra azy eo anivon'ny mpiara-belona mba hamokatra be.

Ny vakiteny voalohany ao amin'n'y bokin'ny ohabolana mananatra antsika ny dikan'ny fanasana ataon'Andriamanitra amintsika. Raha mandray anjara amin'ny eokaristia isika amin'ny latabatra masina dia miombona tanteraka amin'Andriamanitra ka havaozin'ny Fanahin'Andriamanitra isika. Ny eokaristia ankalazaintsika sy rasintsika midika fa havaozin'Andriamanitra isika, hivelona ny maha zanak'Andriamanitra isika ka na inon-kidona na inon-kiatra dia hanana ny fiainana maha zanak'Andriamanitra isika. Ho velona ianareo ary mijoro amin'ny làlan'ny fahazavan-tsaina, izany no antenaintsika isaky ny mandray kominio isika sy miombona amin'i Jesoa amin'izay ho tanteraka ao amintsika ny maha zanak'Andriamanitra antsika.

Ry Kristianina havana, aoka ary isika araky ny taratazin'i Md Paoly ho an'ny Efezianina, hanana fitondran-tena hifanaraka amin'izay hankalazaintsika isika, « Ry kristianina havana, tandremo tsara ny fitondran-tenanareo, aza misary adala, fa mbà hendry; hararaoty ny fotoana, fa ratsy izao andro izao. Koa aza manaonao foana, fa fantaro aloha izay sitraky ny Tompo. Aza mimamo divay, satria loharanom-pahalotoana izany; fa mifenoa Fanahy Masina ianareo. » Ny tiany ambara dia aoka tsy ho varimbariana amin'ny rendrarendra isika fa aoka hanaiky havaozin'Andriamanitra ny fiainantsika

amin'ny alalan'ny Eokaristia ka hanatanteraka mandrakariva ny asan'Andriamanitra, mananatra antsika i Md Paoly aza mamon-divay satria ny mamon-divay dia miteniteny foana fa ny Fanahy Masina kosa manambara ny sitrak'Andriamnaitra amin'ny fiainana andavanandro.

Hoy koa i Md Paoly « Misaora an'Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny Anaran'i Jesoa Kristy Tompontsika. » aoka ny fiainantsika noho ny fanavotan'i Jesoa mba ho fisaorana an'Andriamanitra.

Ry Kristianin havana araraoty izao fandalanim-pinoana nataontsika amin'ny alalan'ny evanjely Md Joany took faha-6 izao, mba hanavaozantsika ny fifikirantsika amin'ny eokaristia ka hahatonga antsika hanana fiainana eokaristika sady fifonana, mifona amin'Andriamanitra satria matetika ny fiainantsika tsy mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra, no fisaorana an'Andriamanitra satria miara-dàlana amintsika Andriamanitra raha manolotra ny ainy mba ho ain'Andriamanitra tokoa no mamelona antsika. Ny maha vavaka eokaristika azy dia vavaka fangatahana ihany koa ka angatahintsika mba hizotra tsara ny fanatanterahantsika ireo firehin-kevitra pastoraly izay vao nifaranantsika iray volana lasa izay, ny fifikirantsika amin'ny eokaristia hitoerantsika ao amin'i Jesoa sy ny hitoerany ao amintsika ny hampamokatra ny fiainantsika. Enga anie ho “tabernakla velona” tahaka an'i Masina Maria isika

Ry Jesoa tomponay ô, natolotrao ho sakafonay tokoa ny vatanao sy rànao hamelombelona ny fanahy amam-batanay ka hahatonga anay ho zanak'Andriamanitra hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra tahaka anao ka velomy ho anay mandrakariva izany finoana anao izany velona eto anivonay, ampio izahay hanana ny fitiavanao, ilay fitiavanao nentinao nanasoa ny hafa, nanasoa anay olombelona, hahaizanay hanasoa ny hafa hahataritanay azy ireo hiombona aminao sy handray anao ka hiadam-pinaritra ao aminao izahay ka zary génération mpanorina EOY sy ETA ho fanasina sy fanazavana amin'ireo manodidina anay ka hanavao ny endrikay tokoa izahay mba hahafahan'ny rehetra miaina amin'ny fiadanana sy fandriam-pahalemana hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ka hampanjaka ny fihavanana marina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson